REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Fanaovam-beloman'ny masoivohon'i Algérie eto Madagasikara

Tonga nanao veloma ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina teny amin'ny lapam-panjakana Iavoloha i Bafdal MOKADDEM, masoivohon'ny Algérie eto Madagasikara rehefa nahavita ny iraka nampanaovina azy.

Nankasitrahan'ny Filoha ny fanohanan'i Algérie ny firenena malagasy tao anatin'ireo ezaka samihafa natao mba hahatontosana ireo vinam-pampandrosoana izay efa natombok'i Madagasikara. Tokony hamafisina hatrany hoy izy ny fifandraisana ara-barotra eo amin'ny firenena roa tonta, ny fifanakalozana traikefa sy fahaiza-manao eo amin'ny sehatry ny teknolojia, ny fanamboarana fotodrafitrasa, ary koa ny jono sy ny akoran'afo. Mahavelom-panantenana ny hoavin'i Madagasikara raha mahita ireo tetikasam-pampandrosoana maro natomboka manerana ny Nosy hoy hatrany ny tenany.

Ny sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
25-10-2021